Olomanagan'i Madagasikara

-Ebbel Bendix dia dokotera nôrveziana teraka tany Oslo tamin'ny taona 1865. Izy no nanangana niaraka tamin'ny dkotera Borchegrevink ny hôpitalin'Andranomadio Antsirabe tamin'ny taona 1894.Mpikambana tao amin'ny Académie des Sciences tany Oslo izy ary nanoratra maro momba ny aretina aty amin'ny tany trôpikaly izy. Maty tany Stavanger tamin'ny taona 1935.

-Estrade Fernand dia dokotera frantsay teraka tamin'ny 14 septambr a 1903 tany Frantsa tonga teto Madagasikara niaraka tamin'ny rainy dokotera Albert Estrade izay anisan'ny mpamorona ny « Clinique d'Ankadifotsy ». Tamin'ny alalan'ireo lahatsoratra momba ny pesta, ny « bilharziose » sy ny areti-mifindra maro no tena nahalalana azy. Nodimandry tamin'ny 08 nôvambra 1983 tao Antananarivo izy.

-**Ferrand Gabriel** dia mpikaroka momba ny fiaraha-monina frantsay teraka tany Marseille tamin'ny 22 janvie 1864 niasa teto Madagasikara teto Madagasikara teo anelanelan'ny 1887 sy 1897. Maro ny boky nosoratany momba an'i Madagasikara toy ny hoe : *Les musulmans à Madagascar et aux Comores*, *Contes populaires malgaches, L'origine africaine des malgaches* sy ny sisa. Nanoratara tao amin'ny *Revue de Madagascar* sy ny *Bulletin de la Société de la Géographie*. Maty tamin'ny 03 fevrie 1935 tany Frantsa izy.

-**Rabemananjara Jacques** dia mpanoratra sy mpanao pôlitika taeraka tamin'ny23 jiona 1913 tany Maroantsetra . Anisan'ny namorona ny antoko M.D.R.M izy ary voaheloka tamin'ireny raharahan'ny 29 martsa 1947 ireny.Efa solombavam-bahoaka , minisitra ary Filoha lefitra tamin'ny Repoblika voalohany. Namoaka boky maro toy ny *Antsa* (1947), *Lamba* (1956), *Les boutriers de l'aurore* (1957), sy ny sisa marobe izy. Mpanoratra tao amin'ny Revio *Présence Africaine* izy ary nahazonny Grand Prix de la Francophonie izy tamin'ny taona 1988. Nodimandry tamin'ny 01 aprily 2005 tany Paris izy.

-**Rabenoro Césaire** dia dokotera farmasiana no koa profesora amin'ny Sciences Politiques teraka tamin'ny 27 aogositra 1925 tao Antananarivo. Efa masoivohon'i Madagasikara tany Angletera izy, minisitry ny Raharaham-bahiny (1991-1993) ary Filohan'ny Akademia Malagasy hatramin'ny taona 1973 ka hatramin'ny nahafatesany tamin'ny 24 janvie 2002. Nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe : *Les relations extérieures de Madagascar de 1960 à 1972*.

-**Raharison Franck** dia mpanao gazety teraka tamin'ny 09 mey 1949 tao Antananarivo . Niasa tao amin'ny *Revue de l'Océan Indien, Madagascar Matin,* ary *La Gazette de la Grande Ile* izay anisan'ny nanangana azy io izy. Nodimandry tamin'ny 19 janvie 2020 tao Antananarivo.

Profesora Henri Rasamoelina

(Hitohy)